REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA NATAO TAO AMIN'NY LAPAM-PANJAKANA IAVOLOHA - ALAROBIA 20 JANOARY 2021 -

## I- FAMPAHAFANTARANA :

**MILA HARINDRA HIFANARAKA AMIN'NY FAHEFA-MIVIDY ETO MADAGASIKARA NY VIDIN-JIRO SY RANO**:

Mila harindra haingana mba hifanaraka amin'ny fahefa-mividy sy ny fiakaran'ny vidim-piainana eto Madagasikara izay vao avy nisedra ny olan'ny valan'aretina ny vidin-jiro sy rano hampiharin'ny orinasa JIRAMA, araka ny fanapahan'ny Filankevitry ny Minisitra. Tokony tsy mbola hihatra ny fampiakarana ny saran'ny jiro sy rano mba ho entina mitsinjo ny fiainam-bahoaka sy ny fiainan'ny isan-tokantrano. Ao anatin'ny 48 ora no ilaina hahavitan'izany mba hahafahana mitsinjo ny mety ho olana ara-tsosialy ateraky ny fiakaran'ny vidin-jiro sy rano.

Marihana fa ny orinasa JIRAMA dia mbola mandray ny « subvention » anarivo tapitrisa ariary avy amin'ny fitondram-panjakana foibe, noho izany ilaina ny fampidinan'ny orinasa JIRAMA ny saran'ny jiro sy rano izay mahakasika mivantana ny fiainam-bahoaka. Efa napetraka avokoa ireo paikady rehetra mba hitanana ny vidin'ny jiro sy rano mba tsy hiakatra ary tokony hitohy ireo ezaka efa natomboka sy efa natao hatrizay.

Omena 48 ora ny JIRAMA handamina ireo faktiora izay tsy takatry ny rehetra intsony ny fanefana ireo sarany vaovao izay nampiharina vao haingana, kanefa hita sy tsapa fa mihoampampana ka tsy takatry ny fahefa-mividy intsony. Ilaina ny fakana ny hevitry ny Minisitera mpiahy sy ny Governemanta manontolo amin'ny fampiakarana ny vidin-jiro sy rano izay misy fiantraikany be eo amin'ny fiainan'ny mponina saika manerana ny Nosy.

**IREO FAMATSIAN-DRANO ANY ATSIMO** :

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fandraisan'ny fanjakana an-tanana ny "Droit et Taxe à l'Importation" (DTI), mikasika ireo fitaovana ara-teknika hoentina manome rano fisotro madio amin'ny alalan'ny famadihana ny ranomasina ho rano madio any Atsimo (les matériels techniques de désalinisation), natao hiadiana amin'ny Kere sy ny tsy fahampian-drano any Atsimo.

**MIKASIKA ILAY VOLAMENA ANY AFRIKA ATSIMO** :

Nampahafantarina nandritra ny Filankevitry ny Minisitra fa eo an-dalam-piaraha-miasa tanteraka ny fitondrana Afrikana Tatsimo sy ny Fitondrana Malagasy amin'ny alalan'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny sy ny Minisiteran'ny Fitsarana mikasika ilay raharaha volamena tratra tany Afrika atsimo.

Nalefa any am-pela-tanan'ny Departemanta Afrikana Tatsimo avokoa ireo antontan-taratasy rehetra manodidina ity raharaha ity. Efa nalefa ihany koa ny "mandat d'arrêt international" ho an'ireo voarohirohy amin'ity raharaha ity ary mitohy ny famotorana na eto an-toerana na any Afrika Atsimo. Efa nisy ny fangatahana ny famerenana ireo olona ireo sy ny entana eto Madagasikara (Demande d'extradition). Hisy fifanatonana bebe kokoa amin'ny fitondrana Afrikana Tatsimo hanamafisana ny fifampiraharahana ara-diplomatika amin'ny firenena Afrikana Tatsimo mba hanatanterahana ny raharaham-pitsarana eto Madagasikara ka hamerenana ny volamena eto Madagasikara satria dia voaporofo fa niainga avy eto an-toerana ireo ary teratany Malagasy ireo voarohirohy nitondra ny volamena an-tsokosoko tany an-toerana. Ny governemanta dia tsy mitsahatra ny miady amin'ny fanondranana an-tsokosoko ireo harem-pirenena rehetra indrindra ny volamena sy ny vatosoa.

## II- FANENDRENA :

**Ny Filankevitry ny Minisitra dia nankatoa ny fanendrena ireto mpiasam-panjakana ambony ireto :**

**<u>Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fitsarana :</u>**

- **Atoa RABETAFIKA Harison Tsilavina**, dia voatendry ho Tale misahana ny « Formation Initiale des Elèves Magistrats (DFIM) » ao amin'ny Ecole Nationale de la Magistrature et des Greffes.
- **Ratoa RAKOTOARISAONA Tahiana Lucette,** dia voatendry ho Tale misahana ny « Formation Continue, de l'E-learning et du Partenariat ao amin'ny Ecole Nationale de la Magistrature et des Greffes.
- **Atoa RAMIANDRISOA Freddy Etienne,** dia voatendry ho Tale misahana ny « Formation Initiale des Greffes (DFIG) ao amin'ny Ecole Nationale de la Magistrature et des Greffes.
- **Ratoa RAJAONA Andriamihaja,** dia voatendry ho Tale misahanany Fitantanambola sy ny Fandrindrana ny fandaniambola ao amin'ny Ecole Nationale de la Magistrature et des Greffes.

# III- FANAFOANANA :

Ny Filankevitry ny Minisitra dia nanafoana ireto didim-panjakana manaraka ireto:

**<u>Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fitsarana</u>**:

- Foana ny didim-panjakana nanendrena ny Sekretera Jeneraly

**<u>Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka</u>**:

- Foana ny didim-panjakana laharana faha 2015-1071 tamin'ny 1 jolay 2015 nanendrena ny Tale mitantana ny « Centre Hospitalier Universitaire Antanambao-Toliara

**<u>Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Harena an-kibon'ny Tany sy ny loharanon-karena stratejika</u> :**

- Foana ny didim-panjakana laharana faha 2020-300 tamin'ny 04 martsa 2020 nanendrena ny « Responsable de l'Unité de Coordination, de Suivi-Evaluation et d'Analyse » ao amin'ny Ministera

**Natao androany faha 20 Janoary 2021**

***Ny sampan-draharahan'ny serasera sy ny fifandraisana eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika***